# Ilay Voa Tsara Nafafy 01 Marsa 2019

# 1 **Zoma** marsa

**Jehovah ô ; tsarovy aho… Noho ny aminao no nitondrako latsa. Hitako ny teninao ka nohaniko, ary ny teninao no fifaliako sy firavoravoan'ny foko.**
Jeremia 15. 15, 16

**Izay rehetra te ho velona amin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, izay ao amin'i Kristy Jesosy, dia henjehina.** 2 Timoty 3. 12

## Krizy (7) : Fahoriana ara-toe-panahy aman-tsaina

— *Ny ohatra* (Jeremia 20. 1-18) : Asa sarotra tanterahina no nanirahana an'i Jeremia mpaminany, dia ny hanambara fa ho babon'ny mpanjakan'i Babylona, tsy ho ela intsony, i Jerosalema. Tsy misy lalana ahafahana miala amin'izany ve ? Misy lalana iray, hoy i Jeremia namaly : atsaharo ny fanaovan-dratsy ary miverena amin'i Jehovah. Saingy tsy mety ianareo !

Naverimberin'i Jeremia ny hafatra nampitondraina azy… Tsy nisy nihaino izy, avy eo nesoina, ary farany, nenjehina ka naiditra an-tranomaizina. Nambarany ny fahoriany, nahita ny fireneny nisafidy ny ratsy ka ho very. Tao anatin'izany fahoriany izany, anefa, dia mbola afaka nivavaka sy niresaka tamin'Andriamaniny izy, hoe : „Hitako ny teninao ka nohaniko". Nampanantena io vavolombelony mahatoky io Andriamanitra, hoe hanafaka azy.

— *Ny lesona* : Ry namana mpamaky, manodidina antsika ny ratsy, sady ao anatintsika, ary … eo anivon'ny mpino koa aza. „Ny zavatra mampalahelo indrindra, hoy ity tompon'andraikitra kristiana iray, dia ny faharatsiana misy ao anatin'ny fiangonana !" Niaritra ny fanenjehan'ny mpiray firenena aminy i Jeremia… Fahoriana anie izany e !

Nahoana moa no misy mpino mijaly noho ny tsy rariny ataon'ireo rahalahiny amin'ny finoana ? Satria izy te hankatò ny Tenin'Andriamanitra, eo anivona tontolo kristiana mirona hihataka amin'izany. Mangirifiry izany hoe tsy azon'ny olona izany, kanefa mpino maro efa nanolo-tena no nandalo tamin' izany (Jakoba 5. 10). Ary raha tsy maintsy miaritra fahoriana toa izany koa aho, dia ny Tompo no manohana ny finoako. Ataony tsapako fa miombom-po amiko Izy, ary mihoatra noho izany aza, tia … ny olony *rehetra* Izy. Ao amin'ny Teniny no ahitako hery sy fampiononana, ary „firavoravoan'ny foko" mihitsy aza, tahaka an'i Jeremia.